

ANDRO FAHA-7

Manao an'Andriamanitra ho loha-laharana*

Andinin- tSoratra Masina ho tadidiana: « nisy indro nisy mpahay lalàna anankiray nitsangana ka naka fanahy an'i Jesosy hoe : "Mpampianatra ô, inona no hataoko handovako fiaianana mandrakizay?" Ary hoy Izy taminy: "Tiava an'i Jehovah Andriamanitro amin'ny fona rehetra, ny fanahinapo rehetra sy ny herinao rehetra, ary amin'ny sainao rehetra, ary tiava ny namanao tahaka ny tenanao». Lioka 10 : 25

Fanontaniana fototra:

1. Aiza no ahitantsika ohatra mametraka an'Andriamanitra ho loha-laharana"ao amin'ny Baiboly ?
2. Ahoana no hahazoantsika mampihatra ny toro-lalana hametraka an' "Andriamanitra ho loha-laharana" eo amin'ny fiainantsika andavanandro?
3. Ahoana no hahafantarantsika ny olona iray izay "mametraka an'Andriamanitra ho loha-laharana " eo amin'ny fiainany?

Ny fitsipiky ny " fanaovana an'Andriamanitra ho loha-laharana" dia kofehy volamena voatenona amin'ny karipetran'ny Soratra Masina. Ato amin'ity lesona ity no hahitanao io lohahevitra manandanja io ary angatahina ianao mba handray izany. Rehefa mandalina izany ianao dia aoka hanontany tena hoe: Ahoana no ampiharana izany fitsipika izany amin'ny fiainalko manokana? Amin' ny fianakaviako? Amin'ny fifandrai- sako amin'ny hafa?

Ny fanarahana ny foto-kevitra "Andriamanitra no loha-laharana" dia midika hoe mametraka an' Andriama-nitra alohan'ny zavatra rehetra eo amin'ny fiainanao!

Ny izaho no loha-laharana

(2 Tim 3: 1, 2; Fil 2:21 ..)

IZAHO no voalohany

ANDRAIAMANITRA no farany

Andriamanitra no loha-laharana

(Eks. 20: 3; Lioka 10:27)

ANDRIAMANITRA no voalohany

IZAHO no farany

1. Aiza ny fitsipiky ny "Andriamanitra no loha-laharana" ao amin'ny tantaran'ny famoronana? (Jereo

ny Genesisy 1 hatramin'ny 2: 1-3)

2. (Ek 20: 3-11.). Iza no didy hahitanao ny foto-kevitra hoe "Andriamanitra no loha-laharana"?

Ny lalàn'Andriamanitra, araka ny maha-izy azy, dia tsy miova. Izany dia fanambarana ny sitrapo sy

ny toetran'ILAY nampanoratra azy. Andriamanitra dia fitiavana, ary ny lalàny dia fitiavana.

Ny fitsipika lehibe roan'io lalàna io, dia ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny olona. (GC 476)

"Ny toetran'Andriamanitra dia aseho ao amin'ny lalàna, ary ho anao izay te-hifanarako amin'

Andriamanitra, ireo fitsipiky ny lalàny ireo dia tsy maintsy ho fototry ny asanao rehetra

(COL 391).

3. Mba hahitana ohatra vitsivitsy avy ao amin'ny Testamenta Taloha eo amin'ny foto-kevitra "Andriamanitra no loha-laharana" dia mamakia sy manazavà , fara fahakeliny, dimy amin'izao teny notsongaina manaraka izao: Isaia 44: 6; Deot. 8: 1-18; Deot. 26: 2-4; Eks 15:26 ; Nomery. 3:13; 2 Tan. 31: 1-8; Neh. 9: 1-3; Neh. 10:34 - 36; I Mpanjaka 17: 2-16; Hagay 1: 1-13; Ohab. 3: 5-8).
4. Ianaro ao amin'ny Testamenta Vaovao ireto andininy manaraka ireto ary hazavao ny fomba hana-nany fifandraisana amin'ny foto-kevitra hoe "Andriamanitra no loha-laharana." Mat. 22:35 - 40; Rom. 12: 2; Gal. 2:20, Apokalypsy. 22: 7, 10- 14

"Fa _____ ny fanjakana sy ny fahamarinany, dia _____ izany rehetra izany.

Ary amin'izany dia _____ ny amin'ny ampitso" (Matio 6:33, 34).

5. Ahoana no hahazoantsika mampihatra ny foto-kevitra "Andriamanitra no loha-laharana" eo amin'ny fananana sy ny volantsika?

« _____ an'i Jehovah amin'ny fanananao sy amin'izay ny voaloham-bokatralo rehetra ». (Ohab. 3: 9)

"_____ fahafolon-karena rehetra ho _____, mba hasian-kanina ao antanoko, _____ ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy ny Jehovah Tompon' ny maro...." (Mal. 3:10)

"Aoka ny tsirairay handinika tsy tapaka ny vola miditra aminy, izay fitahiana avy amin'Illy RAY , Ary aoka hatokana ny ampaahafolony ho toy ny renivola, masina ho an'Andriamanitra izany. ... Io ampaahafolony io... dia tokony hatokana ho fanohanana ny asa fanompoana ny Filazantsara irery ihany . Rehefa natokana ny ampaahafolony, aoka ny fanomezana sy ny fanatitra rehetra hifanaraka amin'ny fitahiana rehetra izay nomen'Andriamanitra anao. (CS 81, LP 77, §5)

"Tsy maintsy mandroso ny asa lehibe amin'ny famonjem-panahy. Ao amin'ny ampaahafolony sy ny fanomezana ary ny fanatitra no hanovozañ' Andriamanitra tahiry ho amin'ny asany ... Izy (Andriamanitra) no mitaky ny ampaahafolony fa Azy manokana; ary io fahafolon-karena io tokony raisina ho tahiry masina, mba hapetraka ao amin'ny trano firaketany hanatontosana ny asany (COL 300).

6. Inona no nitranga teo amin'ny fiainan 'ireo izay nanao an'Andriamanitra ho loha-laharana?

"Be _____ ny lalànao, Ary tsy misy mahatafintohina azy. Aoka ho tonga amiko ny _____, mba ho velona aho." (Salamo 119 :. 165, 77).

"Efa mba tanora ihany aho, ary efa antitra ankehitriny, fa tsy mbola hitako _____ na _____ mangataka hanina ... Fa Jehovah _____ sady _____ ny olony marina; _____ mandrakizay ireo ... _____ handova ny tany ka honina eo aminy mandrakizay. "(Sal. 37:25, 28, 29)

Ireo izay mametraka an'Andriamanitra alohan' ny zavatra rehetra sy ho vodi-làlany ary ny tsara indrindra no olona sambatra tokoa eto amin'izao tontolo izao. Tsy ho voaroaka mihitsy ny tsiky sy ny tara-masoandro ... satria Jesosy no loharanom-pifaliana. (Fe 83, 84, 45 § 1 LP)

7. Ahoana no hahafahanao mametraka an'Andriamanitra ho loha-laharana eo amin'ny fiainanao?

(Avereno jerena ny Lioka 10: 25-28)

"Iza no mahazo ny fanirantsika lalina indrindra sy ny herintsika mendrika indrindra? Raha an'i Kristy isika, ny fihevitsika tsara indrindra dia mahakasika AZY. Izay ananantsika rehetra sy izay maha-izy antsika rehetra dia voatokana ho Azy. Miandrandra ny hitovy Aminy isika, hiaina ny fiainany, hanao ny sitrapony sy ny hahafaly Azy amin'ny zavatra rehetra. (SC 58)

Iza no mifehy ny fonao, ny sainao sy ny fanirianao rehetra?

"Ataovy eo am-pelatanan'ny Tompo manontolo ny momba anao rehetra : saina, vatana sy fanahy, ary mandraisa fanapahan-kevitra mba ho irany feno fitiavana , voaohosotra, maneho fahavono-nana eo ambany fanaraha-masonry sady notefena tamin'ny toetsainy. "(SD 105)

Hifidy ny hametraka an'Andriamanitra ho loha-laharana ve ianao? Raha izany no izy, amin'ny teny vitsivitsy, dia lazao ny fomba hanaovanao izany eo amin'ny fifandraisanao:

- AMINY
- amin'ny ny fanomezana natokany ho anao
- amin'ny hafa

Fanoloran-tena sy vavaka :